# Ilay Voa Tsara Nafafy 12 Oktobra 2018

# 12 **Zoma** oktobra

**Ny razantsika nihinana ny mana tany an'efitra... Mofo avy tany an-danitra no nomeny *(nomen'Andriamanitra)* azy hohaniny.** Jaona 6. 31

**Nanangona ny mana isa-maraina ny olona, dia samy araka izay fihinany avy.** Eksodosy 16. 21

***(Hoy Jesosy :)* Ary amin'izany dia aza manahy ny amin'ny ampitso ianareo... Ampy ho an'ny andro ny ratsy miseho ao aminy.** Matio 6. 34

## Andro iray isanandro ihany

Nanontanian'ity namako iray tra-doza ilay mpitsabo azy, hoe : „Dokotera ô, hatramin'ny rahoviana aho no hatory eto ?" Hoy ilay mpitsabo namaly : „Indray andro isanandro ihany !" Izany torohevitra izany dia mampahatsiahy ilay nolazain'ny Tompo Jesosy hoe : „Aza manahy ny amin'ny ampitso ianareo... Ampy ho an'ny andro ny ratsy miseho ao aminy".

Mazava ho azy fa mahasoa ny manana vinavina, kanefa ny mpino dia mitoky amin'ny Tompo, mba hiara-mandeha aminy.

Miara-deha amin'ny Tompo, saingy ho an'ny andro iray ihany : Nampianarin'Andriamanitra izany lesona izany ny Israely vahoakany, izay namakivaky ny taniefitra fahiny. Isa-maraina izy ireo dia nanangona ny mana, anjara hanina sahaza ho an'ny tontolo andro. Nilatsaka avy any an-danitra io mana io, ary nipetraka teny amin'ny tany, niaraka tamin'ny ranonando maraina. Tsy nisy olona nanana, na ny tafahoatra na ny tsy ampy.

Tsy hoe nanangona isan-kerinandro izay hohaniny mandritra ny herinandro ny Zanak'Israely, fa „izay sahaza hohaniny isanandro". Ho an'ny kristiana, dia midika izany fa raisiko ny alatsinainy ny fahasoavana ho an'ny alatsinainy ; raisiko ny talata ny fahasoavana ho an'ny talata, dia toy izany hatrany hatrany. Ampianarin'ny Tompo isika hoe „aza manahy ny amin'ny ampitso". Rehefa matoky tanteraka an'Andriamanitra, dia afaka miaina am-piadanana ny andro tsirairay mifandimby.

Raha miainga amin'ny alina aho, mandeha amina lalana maizina, dia mahafantatra tsara ny toerana tiako haleha. Fa ny faniloko kosa, tsy mahazava afa-tsy metatra vitsivitsy eo alohak o, ary mazava arakaraka ny androsoako ny lalana diaviko. Amin'ny farany dia tratrako ny tanjoko, nefa tsy nanao dingana tao anaty haizina mihitsy aho. Voazava avokoa ny lalana manontolo nalehako. Toy izany ny fomba itondran'Andriamanitra ahy : dingana tsirairay mifandimby.